coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Co-financé par Norvège

Mise en œuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Dans le cadre du NBSAP accelerator partnership

# Tari-dalana fametrahana VOAMAMI

**(Vondron'olona an-toerana miara-manao tahiry sy mifampindram-bola)**

TOROLALANA ARA-TEKNIKA, TETIKASA GBF IMPLEMENTATION

## Inona moa no atao hoe VOAMAMI?

Ny VOAMAMI dia fanafoizan-tena izay halavaina hoe: «Vondron'olona An-toerana Miara-Manao tahiry sy MIfampindram-bola».

## Inona no lalàna mifehy ny VOAMAMI?

Ny VOAMAMI dia voafehin'ny Didy hitsivolana laharana 632/2023 tamin'ny 12 janoary 2023 izay mamaritra ny asa ataon'ny VOAMAMI.

- Na dia efa misy io didy hitsivolana io aza mamaritra ny VOAMAMi dia mbola tsy azo lazaina ho vondrona mitsangana ara-panjakana izy satria mbola tsy misy didim-panjakana mamaritra izany.
- Tondro fahombiazana: Napetraka mba hisitrahan'ny olona any amin'ny toerana tsisy fampindramam-bola madinika, na banky hahafahana mindram-bola.
- Olona 15 ka hatramin'ny 25 izay mifanaraka hivondrona no ao anatin'ny fikambanana VOAMAMI iray.



## Ahoana ny ahafahan'ny VOAMAMI Mandray anjara amin'ny fikajiana sy fiarovana ny tontolo iainana ary inona ny tombon-tsoan'ny mpikambana anatin'izany?

- Ahafahan'ny mpikambana manana tahirim-bola izay hifampihindramana sy hifampitsinjovana amin'ny faritra iray.
- Manohanana ny fampiroboroboana ny asa fihariana maharitra.
- Manamora ny findramam-bola ka ahafahana manao asa na tetikasa hikajiana ny tontolo iainana.
- Mampihena ny tsindry mahazo ny harena voajanahary.
- Manamafy ny firaisankina sy ny fandraisan'andraikitra iombonana eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary amin'ny faritra iray.

## Ahoana ny fomba ametrahana ny VOAMAMI amina faritra iray?

### *Ny dingana tokony arahina:*

- Manendry mpanantena eo an-toerana ho tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ny vondrona.
- Mampiofana ireo olona 15 ka hatramin'ny 25 izay nanaiky an-tsitrapo ny hamorona ny VOAMAMI.
- Mamaritra ny fotoana anatanterahana ny fivoriana voalohany hifidianana ireo mpikambana ao amin'ny komity mpitantana (birao).
- Fanoratana ny fitsipika anatiny.

### Fitsipika fototra:

- Ny mpanentana dia tokony efa zadraharaha ary manana traikefa amin'ny VOAMAMI ary mahalala tsara ny faritra misy azy.
- Tsy maintsy ahitana ny saokajin'olona rehetra (tanora, lahy, vavy) tsy misy fanilikilihana mifototra amin'ny sokajy ara-tsosialy, na ara-piaviana, na fivavahana sns.

### *Andraikitry ny mpanentana:*

- Manentana sy mampahafantatra ny VOAMAMI sy ny tombontsony eo amin'ny fiaraha-monina.
- Manentana ny olona momba ilay tahiry ara-tontolo iainana izay ho hapetraka.
- Mampiofana ny mpikambana mikasika ny fomba fiasan'ny VOAMAMI.
- Manaramaso ny fametrahana sy ny fampiharana ny fitsipika.

## *Firafitry ny komity/ birao sy ny andraikiny*

| KARAZANY | ISANY | ANDRAIKINY |
|---|---|---|
| **Filoha** | 1 | • Mitandro ny fanajana ireo fepetra sy fitsipika rehetra niarahana nametraka teo anivon'ny fikambanana VOAMAMI.<br>• Manamora ny fanatanterahana ireo fivoariana VOAMAMI rehetra mandritra ny tsingerina VOAMAMI tsirairay avy.<br>• Manamora ny adihevitra rehetra sy ny fandraisana fanapahankevitra eo anivon'ny fikambanana VOAMAMI.<br>• Mitandro ny fihavanan'ireo mpikambana rehetra mandritra ny fotoana maha-filoha azy. |
| **Mpitan-tsoratra** | 1 | • Mitandro ny fahamarinan'ny fanoratana ireo vola kirakiraina rehetra mandritra ireo fivoriana VOAMAMI rehetra mba hifanaraka amin'ny zava-misy.<br>• Manoratra ny vola azo rehetra ao anaty bokim-bola isan'olona sy iombonana.<br>• Manamora ny fangaraharan'ny asa rehetra natao nandritra ny fivoriana VOAMAMI. |
| **Mpitam-bola** | 1 | • Mitazona sy manisa vola azo rehetra izay mipirina ao anaty vata misy lakile telo izay mihidy tsara sady mafy (marihana fa miovaova ary tsiambaratelo ny toerana misy ny vata sy ny lakile). |
| **Mpanisa vola** | 2 | • Manisa amin'ny feo mafy ireo vola voaray rehetra mandritra ny fivoriana.<br>• Manome izany isa izany ho an'ny mpitan-tsoratra mba hahafahany mandrakitra izany ao anaty bokim-bola isan'olona sy bokim-bola iombonana araka izay misy. |
| **Mpitazona ny lakile** | 3 | • Mitandro ny tsy hahavery ireo lakile izay ankinina aminy. Marihina fa tsara raha tsisy mahafantatra afa-tsy ny birao ireo olona mihazona lakile ireo. |



## Ny karazana tahiry ao amin'ny VOAMAMI

Ny VOAMAMI araka ny fampiharana azy amin'izao fotoana izao, dia mifototra amin'ny karazana tahiry maro:

1. Tahiry ifampihindramana, izay vatsian'ny latsakemboka avy amin'ny mpikambana tsirairay sy ny zanabola azo;
2. Tahiry ara-tsosialy, natokana ho fifanampiana sy fifampitsinjovana eo amin'ny samy mpikambana;
3. Tahiry ara-tontolo iainana,natao hamatsiana ny hetsika fiarovana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary (fambolena hazo, famokarana maharitra, fisorohana ny afo, sns.).

Azo atao ny mamorona tahiry hafa arakaraka ny laharam-pahamehan'ny vondrana (fahasalamana, fanabeazana, foton-drafitr'asa, sns.).



## Ny tokony ho hita anatin'ny fitsipika anatiny mifehy ny VOAMAMI

- Fetran'ny anjara (part) ambany indrindra azo atao tahiry ary ny isany (5 farafahabetsany).
- Ny tahan'ny zanabola isam-bolana hampiharina amin'ny fampindramam-bola (5 ka hatramin'ny 10%).
- Ny dina na fitsipika hifampifehezana rehefa misy tsy mahaverina vola sy ireo sazy maro isan-karazany izay hifanarahana ao anatin'ny fikambanana VOAMAMI.
- Ny halavan'ny tsingerina VOAMAMI izay voafaritra eo anelanelan'ny 9 ka hatramin'ny 12 volana.
- Daty na fotoana hizarana ny vola voatahiry tao anaty VOAMAMI.
- Kitapom-bola atao sy ny habetsahan'ny vola arotsaka.
- Fampidirana ny lafiny ara-tontolo iainana:
    - Ny fampidirana ireo fomba fanaoa tsara miaro tontolo iainana ho fepetra takiana ahazoana fampindraman-bola.
    - Ny fanoloran-tena ny mpikambana hampihena ny fomba fanao izay misy fiantraikany ratsy amin'ny tontolo iainana.



## Inona avy ireo fitaovana ilaina? (Kit groupe d'épargne et de crédit)

- Vata fitehirizam-bola vita amin'ny vy no tsara indrindra mba hahamafy azy.
- Lakile na gadana 3 mafy tsara hanidiana ny vata etsy ambony.
- Bokim-bola isan'olona.
- Ranomainty fanamarihana ny anjara napetraka na raha tsisy dia atao amin'ny penina.
- Fitsipika, penina misy loko 2 farafahakeliny (mainty na manga sy mena).
- Fitaovam-pikajiana mba hahamora ny fanambarana ny vola azo.
- Koveta na sobika misy loko isan'karazany mifanaraka amin'ny lokon'ny kitapokely hanangonana ireo karazana vola angonina.
- Kitapo Kely miloko roa karazana, calculatrice, fanipihana (règle).
- Maitso sy mena no lokon' ilay kitapo Kely roa sy ilay koveta roa. Ny vata vy kosa dia miloko maitso.

**Fanamarihana:**

- Mila atao izay hahazoana antoka fa mitovy ny endriky ny vata isaky ny VOAMAMI (anamoranana ny fampiasana sy ny fanangonana).
- Tsy voatery hampiasa kahie tsirairay ny mpikambana tsirairay, rehefa misy ahafahana manara-maso ny tahirim-bolany.
- Tehirizina ao amin'ny «caisse» ny tahiri-tsoratra ara-bola rehetra (na ny an'ny mpikambana na ny iombonana).
- Koveta na sobika misy loko isan'karazany mifanaraka amin'ny lokon'ny kitapokely hanangonana ireo karazana vola angonina.

## Ahoana ny fiasan'ny VOAMAMI?

- Ny mpikambana no mamaritra ny fahamaroan'ny fivoriana (isankerinandro, isaky ny roa herinandro, isam-bolana). Ny fivoriana matetika kokoa dia ahafahana mampitombo haingana kokoa ny fahafahana mitsitsy sy mampindrana vola.
- Ny fivoriana voalohany anaovana tahiry dia karakaraina araka ny fepetra ifanarahan'ny rehetra.
- Tsara raha miandry ny tahiry ampy (1 ka hatramin'ny 3 volana) vao manomboka maka findramam-bola.
- Voafetra ho in-telo heny noho ny tahirim-bola nataony ny vola azon'ny mpikambana iray hindramina mba hahazoana antoka ny famerenany izany sy mba ahafahan'ny mpikambana hafa koa mahazo fampindramam-bola.
- Atao tsy tapaka araka ny fe-potoana nifanarahana tany am-boalohany ny fivoriana (isan-kerinandro, isaky ny roa herinandro, etc.).

Amin'ny faran'ny tsingerina (9 na 12 volana), ny tahiry rehetra dia zaraina amin'ny mpikambana araka ny fitsipika napetraka.

**Fanamarihana:**

Ny fomba fitantanana ny vola fanampiny (ara-tsosialy, ara-tontolo iainana, sns.) dia faritana miaraka hatrany am-piandohana.



## Ahoana ny ahafahan'ny VOAMAMI manamafy ny fanomezan-danja ny vehivavy?

- Fampirisihana mavitrika ny fidiran'ny vehivavy amin'ny VOAMAMI mba hanamafisana ny fizakantenany ara-toekarena sy ny hanatsarana ny fari-piainany.
- Fanomezana azy ireo fahafahana hahazo fiofanana sahaza sy ireo fitaovana ilaina hampiharana ny fahaiza-manao azony.
- Fampiroboroboana ny fandraisany anjara amin'ny fitantanana ny fikambanana ary hanomezana azy andraikitra lehibe ao anatin'izany.

## Tahirin-tsoratry ny VOAMAMI (registre)

Ireto avy ny zavatra tsy maintsy hita anatin'ny tahirin-tsoratry ny VOAMAMI:

- Mombamomba ny mpikambana: laharan'ny mpikambana, anarana hita ao amin'ny kara-panondro, daty nidirana tao amin'ny vondrona, adiresy.
- Mombamomba ny tahiry narotsaka : daty, lelam-bola napetraka isaky ny fivoriana.
- Mombamomba ny findraman-bola natao: lelam-bola, zanabola, date nindramina ary daty hameranana ny vola.
- Fandraisana anjara tamin'ny tahirim-bola ara-tsosialy.
- Fandraisana anjara tamin'ny tahiry hafa: ara-tontolo iainana, sazy, fanomezana, sns.



### Modely azo tsapain-tanàna

**Fanentanana VOAMAMI iarahana amin'ny LFL:**

**Zava-misy:** Ny LFL dia nametraka paikady mba hanao tamberin'andraikitra mahakasika ny tontolo iainana ary te hanentana ireo tantsaha mpamatsy akora fototra azy mba hanaraka izany vina izany.

**Tanjona:** Mametraka kitapom-bola tontolo iainana ny VOAMAMI voaentana mba hahafahana manatanteraka asa mivaingana mahakasika ny tontolo iainana.

**Paikady:**

- Hametraka fanentanana mitodika any amin'izay VOAMAMI mametraka kitapom-bola miaro tontolo iainana izay.
- Hanome fitaovana (Kit VOAMAMI) mba hahafahana manomboka ny asa.

**Tondro fahombiazana:**

- Ny mpanentana VOAMAMI dia tokony afaka mandresy lahatra mahakasika ny maha-zavadehibe izay fiarovana ny tontolo iainana izay.

Ity tari-dalana ity dia novokarina miaraka tamin'ny fanohanana ara-bola avy amin'ny Minisitera federaly ny Fiaraha-miasa sy ny Fampandrosoana ara-toekarena (BMZ) sy ny Sampan-draharaha Norvezianina misahanana ny fiaraha-miasa ho an'ny fampandrosoana (NORAD).
Ireo voarakitra ato amin'ity tari-dalana ity dia tsy voatery haneho ny hevitra sy ny fomba fijerin'ny NORAD, BMZ na ny tetikasa GBF Implementation/GIZ, fa andraikitry ireo izay nankinina ny famolavolana azy.

Ny Nampanatanteraka :
Tetikasa Global Biodiversity Framework Implementation (GBF Implementation)
Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH
Enceinte SOANALA, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD), Ambatobe, Antananarivo 101

# FITANANA AN-TSORATRA FANANGANANA VONDRONA VOAMAMI

**Anaran'ny fikambanana:**

Daty : ............................................. Ora : ..............................................
Toerana (Fokontany/kaominina)

## 1. Lahadinika:

- Fananganana ofisilay ny VOAMAMI, fisafidianana ny anarana
- Fifidianana ny mpikambana ao amin'ny komity mpitantana
- Fametrahana ny fitsipi-pipehezana sy fitsipika anaty ao anaty VOAMAMI
- Halavan'ny tsingerina VOAMAMI

## 2. Fananganana ny birao komity mpitantana

Taorian'ny fifidianana dia lany ho:

- Filoha:
- Mpitantsoratra:
- Mpitambola:
- Mpanisa vola:
- Mpitazona ny lakile:

## 3. Fitsipika napetraka:

- Anjara kely indrindra (Ar):
- Isan'ny anjara azo vidiana isakin'ny fivoriana:
- Tahan'ny zana-bola isam-bolana:
- Daty hizarana ny vola:

## 4. Lisitry ny mpikambana

| Nomerao | Anarana sy fanampiny | Sonia na lavotondro |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |

Tapitra tamin'ny …… ora ny fivoriana rehefa vita ny lahadinika.

Sonia:
...............................................................